## NY TENY FIAINANA

*"Haringana ny ratsy fanahy ka tsy ho ao intsony; [Na: Vetivety foana dia tsy ao intsony ny ratsy fanahy.] Fa ny mpianakavin'ny marina haharitra."*

***Ohabolana 12:7***

### Get In To Rugby 2.0

# Mandado eto Madagasikara Ramatoa Kruyt Ninette

Nandray ny tompon'andraikitry ny Get in to Rugby 2.0 avy ao anivon'ny World Rugby, izay mandalo eto Madagasikara, Ramatoa Ninette KRUY, ny Tale misahana ny taninketsan'ny Fanatanjahantena eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena, Andriamatoa ANDRIANIAINA Tiavina Arnaud, sy ny Filohan'ny Federasiona Malagasy ny taranja Rugby, Andriamatoa RAKOTOMALALA Marcel, tamin'ny talata 23 mey 2023, tao amin'ny biraon'ny Malagasy Rugby Ankorondrano. Nandritra izany dia nisy ny dinika sy fifanankalozana ho entina mametraka ny tetikasa GIR 2.0, ka ny tanjona amin'izany dia hahafahana manomana ireo taninketsan'ny rugby eto Madagasikara.

Antenaina ny fahombiazan'ity tetikasa ity, mba ho fampandrosoana ny fanatanjahantena Malagasy hatrany.



*Get In To Rugby 2.0.*


***Rainilita***

### Africa « Beach Wrestling 2023

# Medaly alimo roa no azon'ny solontena Malagasy

Nifarana tamin'ny alahady 21 mey 2023 lasa teo, raha nanomboka tamin'ny 15 mey 2023 tany Hammamet Tonizia, ny fifaninanana niadiana ny ho tompondakan'i Afrika amin'ny « Beach Wrestling 2023" na Tolona Amoron-dranomasina, ka mpikatroka Malagasy niisa 5 no nandray anjara tamin'izany. Medaly alimo roa no azontsika tamin' izany fifaninanan izany. Teo amin'ny sokajy – 70 kg dia nibata ny medaly alimo ilay atleta Malagasy Andrianatoandro Jessy rehefa nandresy an'ilay Afrikana Tatsimo nikatroka taminy. Ilay atleta Randrianandrasana Brillante Sarah ihany koa dia nahazo ny medaly alimo teo amin'ny sokajy "cadette - 73 kg" ary Raharison Manitra Roma teo amin'ny sokajy 86 kg lehilahy dia nitana ny laharana faha-4 rehefa lavon'ilay Nizeriana nifanandrina taminy. Andriamalala Antonio sokajy -79 kg sy Andriamalala Bienveny sokajy – 57 kg no nameno ny isa 5 an'ireo atleta Malagasy niatrika an'ity fifaninanana ity. Marihana fa i Nigeria izay nitondra mpikatroka 6 no nisongadina indrindra tamin'ity fifaninana ity, fa dia nahazo medaly volamena 5 izy ireo tamin' izany.

***Rainilita***




*Beach Wrestling 2023 tany Tonizia.*

### Volley-ball 1DM et 1DF Toamasina 2023

# Miditra amin'ny andro faha-6 anio

Miditra amin'ny andro faha-6 anio ny fifaninanana volley-ball fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara sokajy 1DF sy 1DM, tontosaina any Toamasina. Taorian'ny andro faha-5 tamin'ny talata 23 mey 2023 teo ka nahazoana ny vokatra : 1DF (A) : ASI vs SQUAD seta 2 – 3 (19/25 – 18/25 – 25/22 – 25/16 – 13/15), MVBC vs STEF'AUTO seta 0 – 3 (08/25 – 12/25 – 12/25), 1DF (B) : MAMI vs GNVB seta 0 – 3 (08/25/ – 12/25 – 12/25), CRJS vs AMVB seta 0 – 3 (12/25 – 09/25 – 17/25), 1DM (D) : MAMA vs MVBC seta 3 – 0 (25/14 – 25/23 – 25/17), NADJ vs ASI 2 seta 0 – 3 (15/25 – 20/25 – 22/25), CVBF vs ASI 1 seta 2 – 3 (26/24 - 25/23 – 22/25 – 22/25 - 12/15), 1DM (C) : GNVB vs MAMI seta 3 – 0 (25/20 – 25/20 – 25/11), CRJS vs AMVB seta 0 – 3 (12/25 – 09/25/ – 17/25), dia mitarika an'isa vonjimaika eo amin'ny sokajy vehivavy ny ekipan'ny Stef'Auto « Pool A » manana isa 9, sy ny Gnvb "Pool B" manana isa 9 ihany koa. Eo amin' ny sokjy lehilahy kosa dia lasa ny ekipan'ny Cosfa « Pool C » manana isa 9 sy ny Asi 1 « Pool D » manana isa 10 kosa no mitarika an'isa vonjimaika.



*Lalao Volley 2023 any Toamasina.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Trondro endasina, na trondro frity** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ireo soa azo avy amin'ny fihinanana anandrano

Ireo soa azo avy amin'ny fihinanana anandrano indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

- Miaro amin'ny fahanteran'ny sela.
- Miaro amin'ny aretina homamiadana na cancer , tsara ho an'ny olona voan'ny cancer.
- Mampidina tosi-drà.
- Tsara ho an'ny olona diabetika.
- Tsara ho an'ny taolana , miaro amin'ny aretin-taolana.
- Tsara ho an'ny fo.
- Misy vitamina K.
- Mampatanjaka ny hery fiarovana, be vitamina C.
- Tsara ho an'ny vehivavy bevohoka.
- Tsara ho an'ny saina.
- Tsara ho an'ny olona voan'ny tazo , sery , kohoka ary asthmatique.
- Mampihena vatana.
- Tsara ho an'ny maso. Azo atao salady , afaka handrahoi hatao fangaron-daoka.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Sahatavy distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Sahatavy distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Sahatavy ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 10 mandrafitra ny distrikan'i Vavatenina. Any atsimo andrefan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Tsy dia avo toerana i Sahatavy satria 236 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny kafe. Ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny vomanga. Ny voankazo toy ny akondro, ny letchi, ny manga.



